## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Mikororosy fahana tsy nisy toy izao ny fiainam-pirenena

Misafotofoto sy mihodinkodina ary mikororosy fahana tsy mbola nisy toy izao ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra. Nieboebo anefa Rajoelina Andry tamin'ny vao nandray fitondrana, fa ho vitainy ao anatin'ny dimy taona izay tsy vitan'ny mpitondra rehetra nifandimby tao anatin'ny enimpolo taona. Nametraka fanontaniana tamin'ireo « vahoaka » nanatrika ny kabariny tao amin'ny Kianjan'ny Fanatanjahantena sy kolontsaina Mahamasina izy tamin'izany fotoana izany. Mandry fahalemana ve ny vahoaka Malagasy ? Ampy ve ny Oniversite eto Madagasikara ? Mahavelona ve ny karaman'ny mpiasa ? Manana asa ve ny tanora ? Mahafa-po ve ny famatsiana rano sy jiro omen'ny Jirama ? Afaka mitsabo tena daholo ve ny mponina rehetra? Mazava ho azy fa namely hoe: "Tsia !" avokoa ny rehetra. Velom-bolo sy nanantena fiovàna ny vahoaka Malagasy satria sady tanora no mavitrika ny filohan'ny Repoblika. Nanampy tosika ny nanambarany fa "hiova daholo ireo rehetra ireo ao anatin'ny dimy taona hitondrany". Mandia ny làlana mahitsy farany (dernière ligne droite) izao fitondrana izao ka azo atao ny manombana ny « fiovàna » azo tsapain-tànana sy hitan'ny maso. Mitombo roa na avo telo heny ny karazana asan-jiolahy, ary maro karazany fomba anatanterahan'ny olon-dratsy ny fanafihana ataony. Tsy voafehin'ny mpitandro filaminana ny halatr'omby na dia notanisain-dRajoelina Andry aza ireo fitaovana hoentina miady amin'izany: "puce" hapetaka amin'ny omby, hividy angidimby, sns,…kanefa tsy fantatra na tsy nisy orinasa afaka namorona "puce" azo atao amin'izany, na tsy misy zanabolana (satellite) azo hitiliana ny làlana itondran'ny dahalo ny omby angalariny. Na dia efa amin'arivony maro aza ny mpitandro ny filaminana mivangongo an-tanàn-dehibe dia tsy mahasakana ny vaki-trano sy ny fanafihana ny mpivarotra fahana, "cash point" sy famakiana trano tsotra sy trano fivarotana, ary manao ny ataony ny mpanao sinto-mahery sy mpanendaka, tsy andro tsy alina. Raha ny resaka fampianarana no asian-teny dia mikororosy fahana ny haavo lentan'ny mari-pahaizan'ny ankizy Malagasy, ary nihena isan-taona ny tafiditra an-tsekoly, noho ny tsy fahampiana ara-bolan'ny ray aman-dreny eo amin'ny sara-pisoratana sy fanefana ny saram-pianarana. Ny eny amin'ny ambaratonga ambony dia tsy azo lavina fa nanangana Oniversite any amin'ny Faritra ny fitondrana, saingy sahirana eo amin'ny fandoavana "bourses"-ny mpianatra sy ny karaman'ny mpandraharaha ara-teknika sy ara-pitantanana (personnel administratif et technique) ary ny tambin-karamam-pikarohanan'ny mpampianatra mpikaroka. Tsy vitan'izany fa na ny "vacation" ho an'ny mpampianatra mpiandry sy mpitsara fanadinana aza dia tsy voaloa nandritra ny taona maro. Iaraha-mahita fa raha tsy misy ny fitokonana izay indraindray aza dia niafara tamin'ny fisamborana na fitifirana izany. Noho ny fisondrotry ny vidim-piainana tsy misy fitsaharana dia tsy mahavelona intsony ny karaman'ny mpiasa, ho an'izay mbola manana asa ivelomana. Nasondrotry ny fitondrana Rajoelina Andry ho dimy alina sy roa hetsy ny karama farany ambany ho an'ny mpiasa eo amin'ny sehatra tsy miankina, kanefa dia tsy tonga amin'izany amin'izao efa ho enim-bolana mahery aza no nampanantenana izany. Nilaza hamorona asa ho an'ny tanora, hono, Rajoelina Andry kanefa dia ny manana asa aza amin'izao fotoana izao dia namoy izany noho ny fahasahiranan'ny orinasa niasany. Ahilika amin'ny lafiny ara-teknika sy ny tsy fahampian'ny solika ny fahatapahan-jiro, izay arahin'ny fahatapahan'ny rano isan'andro ka mikaikaika ny mponina, kanefa dia mitombo isan-taona ny "subvention" omena ny Jirama. Tsy misy fitsaharany ny fanakianana ataon'ny mpiray antoka ara-teknika sy ara-bola (Partenaire technique et Finacier) amin'ny tokony hitsaharan'izany. Natsangana ireo lazaina fa hopitaly manara-penitra ary nambaran'ny filohan'ny Repoblika, fa maimaimpoana ny fitsaboana eo anivon'izy ireny. Tsy niteny izany, hono, izy ary dia iaraha-miaina fa na dia any amin'ireo hopitalim-panjakana teo aloha aza dia raha tsy manam-bola ny marary mandeha any dia miveri-maina. Santionany ihany ireo ary eo amin'ny lafiny sosialy ihany kanefa ampy ilazana fa tena havanana eo amin'ny lafiny serasera mampatory mitsangana ny fitondrana Rajoelina Andry, noho izany dia tsy maintsy fohazina amin'ny torimaso ny Malagasy ary tsy maintsy mitady ny fomba rehetra hoentina mitsabo ny aretina rehetra mihàtra amin'ny Firenena, sy mifantina ny olona manana ny fahaizana sy ny traikefa ary ny fanahin'ny fahamarinana, hanavotana ny firenena alentik'i Rajoelina sy ny forongony anaty lavaka izao.

***Andry Tsiavalona***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Lola Rasoamlaharo
### Nogadraina rehefa tsy nanaiky notambazana vola intsony




**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Lola Rasoamaharo - Nokaramaina 95.000.000Ar/ mois hono izy MBA hanatsara Fitondrana. Ka rehefa tsy nanaiky d nogadraina hoy RealTV.
**Rasolo Cla :** karama be kay raha hanatsara fitondrana fotsiny a !
**Falihery Ramanamiantra :** kay, vola karamako firy taona re zany e ?
**Vololona Ranivoniainarisoa :** ary be karama daholo koa zany ireny compte fako ao ireny an!
**Daurence Robia :** vola be zany a! Mbola misy fandraisana mpiasa ve ?
**Andriamarosolo Darich :** zany ve no nahatonga azy tsy nandoa JIRAMA an-taonany?
**Angelina Zanadrambola :** zahay mba karamao anzany anovanay azy fa hatrany @ wc zay manao hira faneva Jeu des iles. Hihiiiiii !
**Mamy Laza Rak**
Mampiahiahy ihaany izny ah! iza no manakarama? dia avy aiza koa ny fihavian'ilay vola? sa ve hoe lovanareo avy amin'ny razambe nareo ny volampanakana dia laniana @zay tianareo sy ny revirevinareo? izay no hitenenako heo mahalasa saina izy izany.
Mamie Syndie Rakotobe : mirediredy, fitiavam-bola no anaovany chantage olona, ka karama koa ho laviny.
**Lova Andriatiana Ratovondrahona :** mba ampio 5 dia boribory ee ! mety io no tsy naharaikitra ny karama ngamba.
**Fidy Rinah Valisoa :** hitako no maro no manatsara an'ilay fitondrana, kay mikarama be ry zareo reny kay ez !
**Toma Rs :** ahitsy kely: "...Rehefa tsy nanaiky handray INTSONY...", hono.
**Mix Rakotonirina :** sao mba tsy ampy 0 anakitelo io ? rehefa handainga ihany ve tsy aleo tonga dia atao midangana be.
**Amélie Rafarasoarilala :** zany koa ve dia ho marina e , ny fanjakana aza efa tsy manambola.
**Sarah Nivohary :** fanapenam-bava ny gazety no nanagadran-dry Rajoelina an'i Lola Rasoamaharo.
**Ramanarivo Lydie :** vola anie zany zalahy e ! hitako no banky rovitra ny firenena.

**FOLOALINDAHY**

# Feno 100 taona katroka androany ny SEMIPI Fianarantsoa

Feno 100 taona katroka androany 25 mey 2023 ny Sekoly Miaramilam-pirenena, na ny SEMIPI ao Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony.
Mankalaza izany ny Sekoly sy ny Fikambanan' ireo Maintimolalin'ny Sekoly nanomboka ny alatsinainy 22 ka hatramin'ny rahampitso zoma 26 mey, araky ny fandaham-potoana voafaritra omanin' ny Ambaratongan-pitantanana sy ny Vaomiera tompon'andraikitra.
Ity Sekoly miaramila ity dia manabe sy mamomana tanora ho olom-banona hanompo Firenena anatin'ny safidy miaramila ; misy ny nanomboka izany mbola kely ny kilasy faha-6, misy ihany koa ny niditra efa somary tanora. "Fahaizana - Fahendrena - Fandresena" no tarigetran'ny Sekoly. Efa maro ireo Andiany nobeazina sy nandranto fianarana tao. Ny Sekoly dia eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena.
- Niorina tao amin'ny Toby miaramila Betongolo Antananarivo ny SE.MI.PI ny taona (1923-1925), Toby izay nolovain'ny Zandarimaria eo Betongolo ankehitriny ; ary ihany koa ny taona 1944-1964 dia tao amin'ny Toby tao Tsaramandroso Fianarantsoa, izay nodimbiasan'ny Zandarimaria nasionaly taty aoriana. Ao Beravina no misy ny SEMIPI amin'izao fotoana.
Manamboninahitra Jeneraly zandary, Manamboninahitra Tompon'andraikitra ambony ara-panjakana, sy ara-miaramila zandary maro eto amin'ny Firenena no nivoaka avy tao amin'ity Sekoly ity.




*Ny toby misy ny SEMIPI any Fianarantsoa.*

***Isambilo***

## TONONKALO

## NY LALAON'NY NOSY

Hatreto tsisy mba manjary ireo rehetra fanomanana,
Fa mandeha ny petatoko sy ny tefitefy maika ;
Tsy mitsahatra mipoitra ireo karazana havendranana,
Ary lasa fihomehezana ireo tetikady sy ny paika !

Hatramin'ny hira horedonina no indro fa tsizarizary.
(Tena tsy afaka hilahatra amin'ireo nataon-dry Dama !)
Izay mba sary famantarana dia tsy tena lavorary,
Fa mibahana ny « bizina » ary koa ny « akamakama » !

Ireo taranja hifaninanana , maromaro no najanona,
Noho ny toeram-pilalaovana hita fa tsy dia mirindra .
Raha fehezina dia tsotra : tena tsisy zava-banona,
Fa kitoatoa hatrany , izay no lehibe indrindra !

…Ny ao anaty fitondrana dia mirehaka aok'izany
Fa tsy hisy toy izao raha mbola hoe lalaon'ny nosy.
Angamba tampina ny masony na tsy ampy ny fahalalany
Ka ataony ho iray ihany na ny ondry na ny osy !

***DADAN'i ZINA (24-05-23)***